# Ilay Voa Tsara Nafafy 01 Jolay 2018

**1** **Alahady**
jolay

**Fa tahaka ny Ray manana fiainana ho Azy, dia tahaka izany koa ny Zanaka nomeny hanana fiainana ho Azy.**
Jaona 5. 26

**Aza matahotra ; Izaho *(Jesosy)* no Voalohany sy Farany, dia Ilay velona ; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita.** Apokalypsy 1. 17, 18

## Ny herin'Ilay Zanak'Andriamanitra (2)

Teo anatrehan'ny vahoaka marobe no nananganan'i Jesosy tamin'ny maty an'i Lazarosy sakaizany, izay efa nihalò ny vatany. Vavolombelon'ny herin'Ilay Zanak'Andriamanitra ireo vahoaka ireo, kanefa dia nivadika taminy : fotoana fohy taorianan'izany dia niantsoantso mafy izy ireo, nitaky ny hahafatesan'i Jesosy, ary dia nohomboana teo amin'ny hazofijaliana Izy. Nisy roa tamin'ireo mpianany, nampidina ny fatiny avy teo amin'ny hazofijaliana. Nanosotra zava-manitra Azy izy ireo, nametraka Azy tao anatina fasana iray teo akaiky teo, ary nanakodia ny vato hanampina ny fidirana ao. Tena loza, fa novonoina ho faty „ny Tompon'ny aina" (Asan'ny Apostoly 3. 15). Nampanginina ilay feo mahery.

Koa feon'iza intsony no afaka hiantso mba hamoaka Azy avy ao am-pasana, toa an'i Lazarosy ? Telo andro tatỳ aoriana anefa, dia fasana foana no hitan'ireo vehivavy vitsivitsy. Tsy tao intsony Ilay Andriamanitra napetraka tao, fa efa nitsangana, efa nivoaka irery avy tao. Tsy nisy olona nibaiko Azy hivoaka. Ny herin'ny tenany samirery no nampiala Azy avy tao amin'ny fahafatesana. Efa nambarany mialoha io tranga tsy fahita io : „Ny Zanak'olona tsy maintsy ... hovonoiny, ary rehefa afaka hateloana, dia hitsangana indray Izy" (Marka 8. 31).

Eny, Jesosy dia afaka nanangana an'i Lazarosy tamin'ny maty. Nefa nanana fahefana ihany koa Izy hamoaka ny tenany avy tao amin'ny fahafatesana, mba ho mpandresy, rehefa avy nanolotra ny ainy teo amin'ny hazofijaliana, hamonjena ireo izay mino Azy.

Ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty dia manambara zavadehibe misy vokany tsy hay refesina : tanteraka ny fepetra takian'ny fahamarinan'Andriamanitra ary resy ny fahafatesana. Ny mpino tsirairay dia manjary mpandresy, ka afaka miantso hoe : „Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresenao ? Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronanao ? ... Isaorana anie Andriamanitra, Izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika" (1 Korintiana 15. 55, 57).